ALAHADY FAHA- 2 KAREMY - TAONA -B-2024



« Tonga nanjelanjelatra sady fotsy hoatra ny oram-panala ny fitafiany » (Mk. 9: 2)

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faharoan'ny karemy izao dia tian'ny Eglizy sahady ho tsapantsika fa raha miara-mitoetra amin'i Jesoa isika ary itoeran'i Jesoa ny fiainantsika dia asehony amintsika fa afaka mihavao ary mety mamiratra aza. Izany no antenaintsika sy irintsika entin'ny fankalazan'ny Kongresy Eokaristika KEN 2024 miainga amin'ireo fijanonana isan-karazany toy ny pelerinajy eny amin'ny Montagne des Français, ny messe chrismale sy ny ordination, ireo zaikabe ataon'ny fikambanana sy firohotana eo amin'ny diosezy toy ny kongresin'ny Rozery, ny kongresy Afafi-fet, ny chapitre généralin'ny Masera CIM de Diego-Suarez, laretiretin'ny pretra sns… Ireny fijanonana ireny dia hitondra antsika eny amin'ny "Tendrombohitry ny fiovan-tarehy" ka hahatonga an'I Jesoa fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao… mpiray tampo isika jiaby ka hifampitsimbina sy hifanasoa …

Vakiteny I : Jen. 22: 1 – 2, 9a, 10
Tononkira : Salamo 116
Vakiteny II : Rom. 8: 31b – 34
Evanjely : Mk. 9: 2 – 10

Ireo tenin'Andriamanitra androany dia manampy antsika hiaina izany rehetra izany fa indrindra ny evanjely. Ao amin'I Jesoa dia misy voka-tsoa tokoa ny fiainantsika, miova ho tsara ary mamirapiratra aza. Izany no fanantenana tian'I Papa hananantsika. Ny finoana no ahafahantsika mifikitra amin'io fanantenana "rano velona" voalazan'I Papa io. Io ihany koa ilay lazain'I Md Paoly mikasika ny finoan' i Abrahama : "Nino izy, fa nanantena na dia tsy nisy tokony hanantenany aza, ka tonga rain'ny firenena maro, araka ny voalaza taminy hoe: Ho tahaka izany ny taranakao. Rom 4, 18

Ry Kristianina havana aoka ho fantatsika fa ny lahatra nandaharan'Andriamanitra antsika hatramin'ny voalohany dia ny hahasoa sy hahatsara antsika ka ireo mpianatra nofidin'i Jesoa niaraka taminy tany an-tendrombohitra dia i Piera, Jakoba ary Joany izay nanehoany ny voninahiny dia tandindon'ny fitiavany antsika satria tiany ho tsapantsika fa raha miaraka Aminy tokoa isika dia ho soa, ho tsara ny fiainantsika andavanandro. Aoka àry hatoky isika fa na dia mafy ny ady atrehina, na dia mila ho kivy aza isika eo amin'ny "Dia" aleha miaraka amin'i Kristy, araky ny lazaintsika matetika raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika dia hiova ny

fiainantsika ary ho feno hafaliana isika sy hamirapiratra tahaka Azy. Izany no Misterin'ny Paka izany hoe, Paka fandalovana miala amin'ny fiainana tsizarizary, ireo krizy manahirana ka miditra amin'ny fiainam-baovao, mamiratra. Mitaky fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny fitondran-tenantsika izany. Mila miala amin'ny lojika mahazatra atolotr'izao tontolo isika ka miditra amin'ny lojikan'Andriamanitra. Izany no ambaran'ny fiovan-tarehin'i Jesoa, tandindon'ny Paka. Niditra tao amin'ny lojikan'Andriamanitra tanteraka ireo mpianatra telo lahy ao amin'ny Evanjely ka niova tanteraka. Raha atao amin'ny tenim-pinoana mahazatra dia tahaka izao : raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika (lojikan'izao tontolo izao) dia miara-mitsangana Aminy koa amin'ny voninahiny (lojikan'Andriamanitra).

Nasehon'i Jesoa ny mpianany izany voninahiny izany satria olombelona tokoa isika mety ho reraka amin'ny fiainantsika andavanandro ary mety ho vizana ihany koa amin'ny fiainam-pinoantsika amin'ny "Ady sy Dia" atrehintsika. Mila migoka ilay Fanantenana Rano velona isika hoy ny Papa mba tsy ho very fanahy mbola velona, mba tsy ho kivy. Fantatr'i Jesoa ny toetran'ireo mpianatra, fantatr'i Jesoa ny toetrantsika, nentiny nitokana niaraka taminy ireo mpianatra ka niara-nivavaka izy ireo ary izay ny fototry ny fiombonantsika Aminy manambara fa mitoetra miaraka Aminy isika raha mivavaka. Rehefa niara-nivavaka izy ireo dia niova tarehy teo anoloany i Jesoa namirapiratra araky ny voalazan'ny Evanjely, tsy misy mpanasa lamba mahadio lamba toy izany, niova tanteraka ny endriny. Raha miaraka amin'i Jesoa sy mitoetra ao Aminy isika dia hiova hamirapiratra tahaka Azy koa. Io no vokatra tiantsika ho tratrarina raha mikolokolo ireo fifandraisana fototra telo isika : fifandraisana amin'ny zava-boary, fifandraisantsika samy olombelona ary fifandraisana amin'Andriamanitra. Mirindra tanteraka ireo fifandraisana telo ireo eto ka zary mamiratra. Sambatra isika satria tena tafiditra ao anatin'izay ny safidin'ny Papa. Isaorana Andriamanitra. Anjarantsika izany ny manararaotra ity taom-bavaka ity amin'ny alalan'izao vanim-potoanan'ny Karemy izao. Hanamafy ny vavaka isika mba hiova tahaka ireo Apostoly teny an-tendrombohitra.

Ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fotoana niovan'i Jesoa tarehy io no ombantsika sy tsy maintsy tanterahintsika raha tena te-hiova marina isika. Raha tiantsika ho tena Paka izao Paka 2024 izao ary indrindra raha tiantsika ho fotoana hampamiratra ny finoantsika ny Kongresy Eokaristika dia aoka ho raisintsika ho filamatra ilay tenin'Andriamanitra hoe : " Inty ny zanako malalako indrindra, henoy izy". Ny fihainoana an'i Jesoa no hahafahantsika miombona Aminy ka hampiova ireo fifandraisana telo efa potika ireo. Raha mihaino an'I Jesoa tokoa isika dia mampanjaka Azy, Izy Fihavanantsika no hanasitrana an'izao tontolo izao ary zary mpiray tampo isika jiaby.

Aoka hanararaotra izao fijanonana entin'ny Paka izao isika, fijanonana mitondra antsika amin'ny diabe ataontsika. Aoka isika amin'izao fiomanana amin'ny Paka izao ho vonona handray ny Tenin'Andriamanitra fa indrindra eo anivon'ny Fianakaviana "Eglizy kely", handray ny sakramenta, ny sakramentan'ny fampihavanana izay mitondra antsika amin'ny sakramentan'ny Eokaristia ka mampiombona tanteraka amin'i Jesoa. Hihaino ny fampianarany isika ka hiova tanteraka ny fiainantsika na dia eo aza ny "Ady" amin'izao krizy

mikiky ny fiainantsika izao , na dia eo aza ny “Dia” mety mandreraka satria mideza sy mavesatra dia hanampy antsika amin’ny fiainantsika ny Tenin’Andriamanitra sy ny fihainoantsika azy.

Izany koa no nataon’Andriamanitra tamin’i Abrahama raha nanantanteraka ny nangatahin’Andriamanitra taminy izy. Mafy ny nanjo an’i Abrahama satria nasaina nanao sorona ny zanany izy kanefa tsy nihambahamba izy hany ka tsy famonoana an’Isaaka zanany no tanteraka fa tso-drano mitafotafo no nomen’Andriamanitra azy :“*Ary ny anjelin'ny Tompo niantso an'i Abrahama fanindroany tany an-danitra, ka nanao hoe: Efa nianiana tamin'ny tenako aho, hoy Iaveh, fa noho ianao nanao izany sy tsy nandà fa nahafoy ny zanakao, ilay lahitokanao, ho ahy, dia hanisy soa anao aho, hahamaro ny taranakao tahaka ny kintana eny an-danitra sy ny fasika eny amoron-dranomasina* “. Raha mihaino sy manatanteraka ny sitrak’Andriamanitra isika ary indrindra miaina ny tenin’Andriamanitra sy manao ny sitrany dia Andriamanitra manome tso-drano antsika. Raha manao ny asan’Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika. Io no voalazan’I Md Paoly ao amin’ny Romanina nolazaintsika teo am-piandohana : “Nino Abrahama , fa nanantena na dia tsy nisy tokony hanantenany aza, ka tonga rain'ny firenena maro, araka ny voalaza taminy hoe: Ho tahaka izany ny taranakao”.

Ny vakiteny faharoa taratasy nosoratan’i Md Paoly koa dia manamafy amintsika : “ *Raha Andriamanitra aza mahafoy ny zanany ho antsika, ahoana àry no tsy hahafoizantsika ny zavatra rehetra raha miaraka sy mitoetra Aminy isika ?”* Io voalaza io no lalana mampamokatra ny fiainantsika.

Ry Jesoa Tompo ô, aoka mba hahay hanararaotra izao vanimpotoan’ny Karemy izao izahay fa indrindra amin’izao fotoana fisedrana entin’izao krizy maro lafy izao ka hametraka ny fiainanay ao Aminao, hitoetra ao Aminao izahay. Raha mitoetra ao aminay tokoa Ianao dia ny finoanay sy ny fiainanay no hamirapiratra tahaka ny fiovan-tarehinao teny an-tendrombohitra. Efa mizotra mankany amin’ny Paka izahay ka tsy hatahotra na eo aza ny zavatra manahirana amin’ny fiainanay andavanandro. Notoloranao modely izahay ary isaoranay Anao izany ry Jesoa Kristy dia tsy iza fa ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy. Enga anie izahay koa na dia eo aza ny fanenjehana etsy sy eroa, na dia misy ny zavatra mampatahotra anay, mampavozo anay amin’ny fiainana, hatoky sy hihaino Anao hatrany izahay ary indrindra ho tahaka an’ireo Apostoly niaraka taminao, hivavaka hiaraka Aminao. Ampiakaro ny fiainanay mba tsy hirefarefa amin’ny tany izahay fa hiezaka hiaraka Aminao amin’izao fiomanana amin’ny Paka izao, amin’izao fiomanana amin’ny Kongresy Eokaristika izao ka ho tady soa aman-tsara izany hoe ny fihavanana vokatry ny Paka no hanasitrana an’izao tontolo izao…. Masina Maria sy Md Josefa mivavahà ho anay mba hahay hihaino ny sitrak’Andriamanitra izahay haka tahaka anareo ka hiova ny fiainanay. Ho zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA anie izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson